# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Aogositra 2018

# 2 Alakamisy
aogositra

**Tandremo mba tsy holavinareo Izay miteny ... Ilay avy any an-danitra.** Hebreo 12. 25

**Nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo.** Asan'ny Apostoly 17. 11

**Inona no havalinao ?**

Andriamanitra no nanao izao tontolo rehetra izao sy izay rehetra eo aminy. Manome aina sy fisefoana ho an'ny rehetra Izy. Namboariny ny olombelona, nasiany fahasamihafana maro, mba hameno ny tany. Liana manokana amin'ny olona tsirairay Andriamanitra, mihoatra lavitra noho ny maha liana ny ray aman-jamin'ny zanany.

Nefa angamba isika tsy dia tena mitady ny hahafantatra ireo fihevitr'Ilay Mpahary antsika, na tsy mangataka aminy ny fanampiany ho an'ity tontolo tafahitsoka ao anatin'ireo olana mianjady aminy. Aleontsika tsy mireritreritra Azy sy miaina tsy misy Azy...

Nefa io Andriamanitra Mpahary io dia Ilay Andriamanitra Mpamonjy koa. Tsy nahay niverina taminy isika rehefa tafasaraka taminy, noho ny tsy fankatoavantsika. Koa nirahiny ho etỳ an-tany Jesosy, mba hamerina fifandraisana amintsika. Ary satria tia antsika Jesosy Kristy, dia nanolotra ny ainy hamonjy ireo rehetra miaiky fa meloka sy manatona Azy mba ho voavela heloka. Natolony ny ainy ho an'ireo rehetra manaiky izany fahasoavana sy fitiavana omeny izany.

Aoka isika hanongilan-tsofina amin'Ilay Andriamanitra fitiavana, miteny amintsika avy any an-danitra. Mbola miteny amintsika Izy, mandraka ankehitriny, hoe : „Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa atỳ amiko. Mihainoa, dia ho velombelona ny fanahinareo ; ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho" (Isaia 55. 3). Ry mpamaky, namana ! mbola fotoana izao, handraisana ny fahasoavan'Andriamanitra sy hisaorana Azy amin'ny fo manontolo, noho ny nanomezany an'i Jesosy Kristy, ary mbola fotoana hametrahana aminy, manomboka izao, ny hoavinao. Hanao izany ve ianao ?